



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiaavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**  
**FAMPITAM-BAOVAO**

**Fanaovam-beloman'ny solon-tena maharitra ny OMS eto Madagasikara**

Tonga nanao veloma ny Filoham-pirenena ny solon-tena maharitra ny OMS, Pr. Charlotte FATY NDIAYE, rehefa namita iraka nandritra ny enin-taona teto amintsika. Naneho ny fahafaham-pony tamin'ireo asa sy ezaka rehetra niarahany nanatanteraka tamin'ny Fitondram-panjakana ity solon-tenan'ny OMS ity. "Tsapa fa tena laharam-pahamehana ho an'ny Fitondram-panjakana izay tarihin'ny Filoha Andry RAJOELINA ny fahasalamana ho an'ny rehetra. Hita taratra izany tamin'ny fandraisana an-tanana ny fitsaboana vonjy aina, ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo, ny ady amin'ny valanaretina covid-19 sy ny fanaovam-baksiny fanefitra amin'izany sy fanaovam-baksiny amin'ny ankapobeny" hoy ity solon-tenan'ny OMS ity

Nankasitraka manokana an'i Pr Charlotte FATY NDIAYE kosa ny Filoha Andry RAJOELINA, noho ny fanohanany ireo hetsika ataon'ny Fitondram-panjakana Malagasy ho fanomezana tolotra ara-pahasalamana tsara kalitao ho an'ny vahoaka Malagasy. Nisaotra manokana ny OMS ihany koa ny tenany tamin'ny fiaraha-miasa nandritra ny ady amin'ny Covid-19 ary indrindra ny ady amin'ny kere any Atsimon'ny Nosy.

**Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana**  
**25-10-2021**